


ALAHADY FAHA 24 MANDAVANTAONA -A 2023



IZAY MAMELA NO HAVELA

Ry Kristianina havana, araky ny averimberintsika fa indrindra taorian'ny pantekôty ary amin'izao mandavantaona izao dia entanin'ny Fanahy Masina isika ka zary Kristy velona, Kristy mpiara-belona amin'olona ka isaky ny Alahady raha nahatsikaritra tsara isika dia misy toetra anankiray ao amin'i Kristy asongadina araka ny lohahevitra atolotry ny Eglisy hodinihintsika na

koa toetra antitranterin'i Kristy ka hahatonga antsika ho mpianany tokoa sy hahatonga antsika ho mpiara-belona amin'olona eo amin'ny fiainantsika anivon'izao tontolo izao na dia tsy anisan'izao tontolo izao aza. Amin'izao Alahady mandavantaona faha-24 izao dia toetra anankiray izay azo lazaina fa takin'i Kristy ho

Vakiteny I : Sir. (Ekl.) 27, 30 - 28, 7
Tononkira : Salamo 102
Vakiteny II : Rôm, 14, 7-9
Evanjely : Mt. 18, 21-35

an'ny mpianany satria tsy hoe nampianarin'i Kristy fotsiny fa niainany ary azo lazaina fa toetra hahafahantsika mampijoro, manorina ny Eglisy olona satria izany no tanjona ho antsika eo anivon'izao tontolo izao ho fanitarana ny fanjakan'Andriamanitra. Ny fanitarana ny fanjakan'Andriamanitra dia fanorenana Eglisy olona mifototra amin'ny fianakaviana Eglisy kely ka io no manorina ny eglisy fiombonana izay zary Eglisy fototra ka zary lasa Eglisy iraka ary mitondra ny Vaovao Mahafaly eran'izao tontolo izao. Ireo rehetra ireo no ezahintsika amin'izao Sinaody faha-7 izao fa indrindra amin'izao dingana faharoa izao satria tsy ho tanteraka ny fanarenana ny Tranobe iombonana raha tsy mametraka ho filamatra ny fifamelan-keloka sy famindram-po.

Ny toetra asongadina amin'izao Alahady faha-24 mandavantaona izao sy ivelomantsika miomana akaiky dia akaiky ny sinaody izao fa indrindra araka ny averina matetika potika noho hetraketraka isika ny fifandraisana telo miantoka ny mahaolona antsika dia ny fifandraisana amin'ny zava-boaary, ny fifandraisantsika eo anivon'ny fiaraha-monina ary ny fifandraisana amin'Andriamanitra. Mitaky fiovam-penitra mahery vaika vokatry ny fibebahana raha tiana

hanarina indray io fifandraisana io ka hivelomantsika indray ny vôkasiontsika. Raha tanteraka izany dia ho zary taranaka mpanorina isika fa tsy ho taranaka mpandrava intsony. Tsy inona no hany lalana mitondra amin'izay fanarenana izay fa isika mahay mifamela heloka, mampanjaka ny famindram-po. Izany no fototry ny hafatr'I Jesoa tamin'I Piera ary amintsika miatrika izao Sinaody izao ihany koa. Tanteraka eto izany ry Kristianina havana ny fivelomantsika ny vôkasiontsika raha ny hafatr'i Jesoa tamin'i Piera no tanterahintsika :"*Nanatona an'i Jesoa i Piera nanao hoe: Tompoko, raha diso impiry amiko moa ny namako no tokony hamela azy aho? Hatramin'ny impito va? Dia hoy i Jesoa taminy: Izaho tsy milaza aminao hoe hatramin'ny impito, fa hatramin'ny impitopolo fito.*"

Ny fifamelan-keloka dia tsy impito fotsiny fa tsy misy fetra... Mety hanontany isika maninona ny toa izany. Araka ny voalazantsika teo fivelomana ny vôkasiontsika no vokatry ny famonjena nentin'I Kristy. Tsy inona io vôkasiontsika io fa noharian'Andriamanitra hitovy endrika Aminy isika ka Andriamanitra dia fitiavana ary ny fitiavana no loharano sy fototra ny fifandraisana.

Miainga avy amin'i Kristy izany lazaintsika izany. Tsy manao kobaka am-bava I Jesoa fa niaina tokoa io famelan-keloka sy famindrampo io. Teo amin'ny Lakroa no nibaribary io famelan-keloka ary Izy no Mpampihavana antsika. Ny râny latsaka no mampivondrona izao rehetra izao.

Io indrindra no lohahevitry ny Kongresy Eokaristika amin'ny volana Août amin'ny taona ho avy : "FIHAVANANA NO MANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY".

Izay no mahatonga antsika milaza fa toetra fototra no banjintsika amin'izao Alahady faha-24 izao. Indrindra ao anatin'ny fiatrehantsika ny Sinaody dingana faharoa ary eo am-panomanana ny fankalazana ny Kongresy Eokaristika. Tsy inona io toetra fototra hitantsika ao amin'I Kristy io fa I Kristy mamela antsika ary tsy indray mandeha fa isanandro satria mpanota isika nef avelany heloka mandrakariva raha miaiky heloka.

Ny fanoharana nataon'i Jesoa dia mampibaribary tokoa ny toetrantsika andavanandro, io ilay toetra mahatonga antsika ho taranaka mpanapotika, mpandrava, mpamono satria na dia voavela heloka aza isika dia tsy mahay mamela tahaka ny voalaza ao amin'ny Evanjely anio :*Ary noho izy tsy nanan-kaloa, dia nasain'ny tompony namidy izy sy ny vadiny aman-janany, mbamin'ny fananany rehetra, mba hanefana ny trova. Dia niankohoka ilay mpanompo, ka nifona taminy nanao hoe: "Mba omeo andro aho, dia haloako daholo ny anao rehetra."* *Nangoraka ny fon'ilay tompon'izany mpanompo izany, ka sady nandefa azy handeha no namoy ny trova taminy. Fa raha vao nivoaka ilay mpanompo, dia tojo ity mpanompo namany anankiray izay ananany denie zato; noraisiny tamin'ny tendany ilay io ka nokendainy nataony hoe: "Aloavy ny trovako any aminao!" Niankohoka ilay namany, dia nifona taminy nanao hoe: "Mba omeo andro aho, dia haloako ny anao rehetra."* Nef a tsy nety izy, fa lasa nampanao azy an-tranomaizina, ambara-pandoany ny trova. Nalahelo loatra ny mpanompo sasany nony nahita izany, ka lasa nilaza izany rehetra izany tamin'ny tompony. Dia nampanalain'ny tompony izy ka nilazany hoe: "Ry mpanompo ratsy fanahy, efa nafoiko avokoa ny trovako

rehetra taminao, noho ianao nifona tamiko; ka moa tsy tokony hamindra fo amin'ny namana ovaianao tahaka ny namindrako fo taminao?" Dia tezitra ny tompony, ka natolony ny mpampijaly izy, ambarapandoany ny trosa rehetra.

Izany no toetrantsika, valifaty, lolom-po, fialonana no zary filamatra.... Indrisy mihanaka izany ankehitriny...io no manimba ny fifandraisantsika na eo anivon'ny fianakaviana, na eo anivon'ny mpivady. Ny lolom-po, ny valifaty, ny fitapitaka, ny lainga, ny vandy... no mameno ny fontsika ka amin'izao àry araky ny fananaran'i Jesoa tamin'i Piera dia aoka isika mba hahay mifamela heloka ao anatin'ny fifanajana sy fifampitokisana ary fahamarinana. Tsy misy lalana hafa hoy ny Papa raha te-hahita fiadanana sy fandriam-pahalemana raha tsy mamboly famelan-keloka sy famindram-po isika. Misy dikany lehibe ny teny hoe "MAMBOLY". Midika izany fa tsy mandeha ho azy fa tsy maintsy volena. Mitaky ezaka. Mitaky fanabeazana. Izany no mahatonga antsika eo anivon'ny sekoly mamboly amin'ny mpianatra manomboka amin'ny kely ka hatramin'ny lehibe ary atao ihany koa eo anivon'ny katesizy : "IZAY MANAO NY MARINA NO HENDRY".

Ny mahatonga ny fontsika lo dia manjaka loatra ny lainga sy ny fitapitaka ka lasa tahaka ny henontsika tamin'ny Evanjely ilay mpanompo ratsy fanahy, ny fontsika no maharatsy fanahy antsika. Izany indrindra no ezaka ataontsika amin'izao Sinaody izao.

Raha tiantsika hilamina sy hirindra ny fiainantsika andavanandro miainga amin'ny fifandraisana amin'ny zava-boaary mandalo amin'ny fianakaviana ka tonga eo amin'ny fiaraha-monintsika dia tsy maintsy mamboly sy mampijoro tontolon'ny fahamarinana, tsy maintsy mamboly tontolon'ny fifamelan-keloka, tontolon'ny fahaizana mifanaja ka ho tanteraka ny nofinofintsika izay averimberina amintsika matetika dia ny fivelomantsika indray ny vôkasiontsika ao anatin'ny tena fihavanana sady kristianina no malagasy. Mila fibebahana fiovam-penitra mahery vaika ao anatin'ny fahamarinana isika ka mifamela heloka tokoa, mampanjaka ny famindram-po. Izay no mahatonga ny lohahevity ny Kongresy : "NY FIHAVANANA NO MANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO, MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY" (Mt 23, 8).

Ambaran'i Jesoa amin'ny fiainany fa io no lèlana ankanesantsika amin'ny tena fampijoroana ny fiainantsika feno fiadanana. Mitaky fanetren-tena sy fahatsorana izany halemem-panahy izany.

Ry Kristianina havana amin'izao fiezahantsika mba ho Kristy mpiara-belona amin'olona ka hitondra ny fahazavan'i Kristy ka hahafahantsika hampitatra ny fanjakan'Andriamanitra, aoka isika ry Kristianina havana ho entanin'izany fahasoavan'Andriamanitra izany hahay hifamela heloka araky ny fampianarana atolon'I Siraka amin'ny vakiteny voalohany.

Hoy i Siraka : "Avelao ny nataon'ny namana tsy an-drariny, dia havela ny fahotanao, rehefa mifona ianao. Akory ity olona mitahiry fahatezerana amin'olon-kafa kanefa mangataka fansitranana amin'Andriamanitra ho an'ny tenany. Tsy mamindra fo amin'ny olombelona

namany izy, nefà mitaraina noho ny hadisoan'ny tenany. Izy izay nofofoana mitahiry lolom-po; ka zovy indray no hahazo famelana ny fahotany". Azo raisina ho torolalana izany. Manambara fahendrena lalina izany. Tsy hoe miankina amin'ny fahaizantsika ny mamela sy ny mamindra fò ny hafa no fototra hamelana sy hamindran'Andriamanitra fo antsika, fa noho ny halehiben'ny fitiavany sy fiainana ao anatin'ny fahamarinana.

Na izany aza dia zava-dehibe takiana ny tsy maintsy hahaizan'ny olona mamindra fò sy mamela ny namany. Tokony ho menatra izay mangataka izany amin'Andriamanitra raha toa tsy manao an'izany amin'ny hafa. Aoka ho anatra ho antsika ny fanoharana nataon'I Jesoa. Tsarovy ny hiafaranao, ka atsaharo ny fankahalana ; tsarovy ny hahlovana amam-pahafatesana ary tandremo ny didy.

Raha ny vakiteny faharoa indray ny taratasin'i Md Paoly no banjinina dia manambara I Md Paoly mananatra antsika mba banana ny toe-panahy feno fahamarinana, hampijoroantsika eo amin'ny fiainantsika andavanandro fa i Kristy no lalam-pamonjena ho antsika ka hahatonga ireo manodidina antsika hahalala kokoa fa i Kristy no làlana sy fahamarinana ary fiainana. Raha velona isika aoka ho velona ho an'i Kristy, raha maty dia ao amin'i Kristy izay midika ny fialana amin'ny lolom-po, fialana amin'ny valifaty fa ny toetran'i Kristy izay namela ireo namono azy teo amin'ny hazofijaliana, tsy iza fa isika ihany no namono azy amin'ny fahotana.

Ry Jesoa Kristy ô, ianao tokoa tsy manao kobaka am-bava ary izay ampianarinao dia iainanao koa ampianaro izahay araka ny hafatrao tamin'i Piera io, izay nanontany hoe : ahoana ny momba ny famelan-keloka, nolazainao fa tsy misy fetra ny famelan-keloka ary amin'ny alalan'izany ihany no hahafahana manorina fiaraha-monina vaovao anjakan'ny rariny sy ny fifankatiavana ao anatin'ny fihavanana marina ka enga anie ho tanteraka aminay tokoa izany. Masina Maria Reny, Reny mpampihavana ianao, ampianaro izahay ho mpamafy famelan-keloka sy famindram-po ka hanjaka amin'izany ny fihavanana tena kristianina no malagasy. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglisy, Lehilahy marina sy tia vavaka, mivawahà mba hazoto hamboly famelan-keloka sy famindram-po ny fianakaviana "eglizykely" Amen

Mompera Eveka Ramaroson Marc Benjamin, cm